

TATITRA
FAMETRAHANA NY MIRALENTA ENY AMIN'NY
VONDROM-BAHOAKA IFOTONY
DINGANA FAHA : 7-8-9

Firenena: Madagasikara

**Koaminina: Commune Urbaine Toamasina, Commune Sub Urbaine Toamasina,
Commune Urbaine Mahanoro, Commune Rurale Mahavelona Foulpointe**

Daty: 30- 31 Janoary 2012

Toerana: Espace Alia Mangarano II, Toamasina

Figure 1: Mpijaka avy amin'ny kaominina Andrenivohitry Mahanoro



FIZAHAN-TAKILA

FANOLORANA	3
TANTARA	4
FIZOTRY NY ATRIKASA	5
Fanazavana ny fifaninanana lehibe nationaly sy faritra	5
Fampiasana sy fampiharana	5
Hevitra nivoaka nandritra ny ady hevitra	5
Miralenta sy fampandrosoana ny toe-karena ifotony:	5
Ny Fandravonana ny disadisa:	6
Ny miralenta sy ny fiovaovan'ny toetrandro ary ny fampandrosoana maharitra:	6
Fanomezan-danja ny asa fikarakarana marary:	7
Tombana momba ny drafitr'asa miralenta sy ady amin'ny herisetra teo aloha sy fampidirana ireo fandaharam-piofanana vaovao ao anatin'ny drafitr'asa:	7

TOVANA

TOVANA A: FANDAHARAM-POTOANA.....	8
TOVANA B – Lisitry ny mpandray anjara	9
Tovana D : DRAFITR'ASA COMMUNE URBAINE DE TOAMASINA.....	12
Tovana E : DRAFITR'ASA SUB URBAINE TOAMASINA.....	30
Tovana F: DRAFITR'ASA COMMUNE URBAINE MAHANORO	45
Tovana G : DRAFITR'ASA COMMUNE MAHAVELONA FOULPOINTE	60
C – Famintinana ny toman'ny atrikasa.....	80

FANOLORANA

Ny Alatsinainy 30 sy Talata 31 Janoary 2012, dia tafavory tao amin'ny "Espace Alia" Mangarano II Toamasina solontenan'ny Kaominina andrenivohitry Toamasina, kaominina Ambanivohitry Toamasina, Kominina Adrenivohitry Mahanoro ary ny Kominina Ambanivohitry Mahavelona Foulpointe. Izany atrik'asa izany dia natao hanohizana ny dingana efa vita ary koa natao mba hanazavana ny fifaninanana fahatelo izany karakarain'ny Gender Links.

Ireo mpandray anjara dia nahitana ny solontena avy amin'ireo mpiandraikitra ao amin'ny Kaominina, ireo mpanolo-tsaina, ny solontena avy amin'ny Ministeran'ny Mponina, Mpampianatra, Mpandraharaha, Fikambanam-behivavy ary avy amin'ireo CECJ (Centre d'écoute et de conseil juridique).

Ny anton'ny atrik'asa dia noho ny fampidirana fandaharam-piofanana hafa toy miralenta sy ny fampandroana, fiovaovan'ny toetr'andro, fandravonana disadisa ary ny VIH/ SIDA.

Anisan'ny zava-dehibe natao tamin'io koa ny fanaovana toman'ezaka tamin'ny drafitr'asa momba ny fametrahana ny miralenta eny ifotony sy ny ady amin'ny herisetra ary nahafahan'ny Kaominina nampiditra ireo zavatra hita fa mampadroso tamin'ny fandaharana vaovao izay efa voalaza tetsy ambony.

TANTARA

Tamin'ny taona 2003 no nanaovan'ny GENDER LINKS fanadihadiana feno momba ny fiantraikan'ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny politika tao amin'ny FAA (Fifanarahan'ny Faritra Atsomon'i Afrika). Anisan'ny zava-dehibe tsapa tao amin'ny "Ringing up the Changes, Gender in Politics in Southern Africa" na "Famohazana amin'ny torimaso ka hirosoana amin'ny fanovana sy amin'ny Miralenta eo amin'ny sehatra politika ao amin'ny faritra FAA" fa ny fitondrana ifotony dia sehatra iray izay mampalahelo fa nohamaivanina tao amin'ireo lahateny aman-tsoratra mikasika ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony. Vokatrizany, nanao fikarohana mamaky lay ny GENDER LINKS tamin'ny taona 2006/2007 tao amin'ny Coalface: Gender and local government, (sur le terrain: Genre et collectivité locale na eny an-tsehatra: Miralenta sy Fitondrana ifotony) tany Afrika, Lesotho, Maurice ary Namibie.

Hita tamin'io fanadihadiana io fa vitsy ny fampiharana natao mba hametrahana ny foto-kevitra ny Miralenta amin'ny drafitra fampandrosoana rehetra eo anivon'ny fitondrana. Vitsy koa ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpanolo-tsain'ny Kaominina hahay hitarika asa. Nanomboka tamin'izay dia nitarina tamin'ny firenena sivy hafa ny fanadihadiana. Eo amin'ny fomba fiasa indray: raha vao vita ny tatitra an-tsoratra momba ny fikarohana natao dia nanao fampiofanana momba ny fampahafantarana sy ny paika any amin'ireo firenena tsirairay avy ireo miaraka amin'ireo mpiombona antoka sy ny mpiara-miasa fototra ny GENDER LINKS.

Ny tsara indrindra aza dia miaraka amin'ireo fikambanana miankina amin'ny Fanjakana ifotony ao amin'io firenena io no hanoritana ny lalana hanatanterahana ny paika sy hanaovana ny atrikasa momba ny drafitrasan'ny Herisetra sy ny Miralenta ao amin'ny faritany, faritra ary distrika. Izany dia natao mba hanamarinana fa manana drafitrasa momba ny Miralenta daholo ny Kaominina rehetra. Tamin'ny volana Marsa 2010 dia nanao ny Fivoriana an-tampony voalohany momba ny fampanjakana ny rariny eo amin'ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony ary ny fanambiny ny GENDER LINKS mba hanangonana ny porofon'ireo fanapahan-kevitra arahina asa noraisin'ny fitondram-panjakana sy ny olon-tsotra hampitoboana ny fahefana ananan'ny vehivavy sy hampitsaharana ny Herisetra. Mbola nisy koa io fivoriana an-tampony io tamin'ny volana Marsa 2011 ary amin'ity taona ity izany hoe taona 2012 dia ny volana Aprily no anaovana azy.

FIZOTRY NY ATRIKASA

Fanazavana ny fifaninanana lehibe nasionaly sy aty amin'ny faritra Atsimon'Iafrika

Tsy ny mpiatrika ny atrik'asa ihany no nahazo tombontsoa tamin'ny fanazana ny fifaninanana andiany faha telo fa teo koa ireo mpiaramiobon'antoka, fikambanana maro samihafa ary koa olon-tsotra. Sivy amby efapolo ny isan'ny mpanatrika tamin'izany ary betsaka ny vonona hilatsaka ho mpifaninana taorian'io fampafantarana io. Taorian'io dia nisy ny fizarana ireo antontan-taratasy ahafahana mirotsaka ho mpifaninana.

Fampiasana sy fampiharana

Natomboka tamin'ny miralenta sy ny fampandrosoana ny atrikasa rehefa vita ny fanazana ny fifaninanana ary ireo olona avy amin'ny kaominana efatra ihany no afaka nanatrika ny atrikasa. Fanontaniana ny hevitr'olona manokana no nitondrana ny fandaharana. Notohizana tamin'ny asa isam-baomiera mba ahafantarana marina ny olona misy eny amin'ny kaominina tsirairay avy momba ny miralenta sy ny fampandrosoana eny ifotony. Taorian'io dia niditra avy hatrany tamin'ny fandravonana disadisa, ny fiovaovan'ny toetr'andro, fanomezan-danja ny asa fikarakarana marary ary ny fanaovana ny drafitr'asa no namaranana ny atrikasa.

Hevitra nivoaka nandritra ny ady hevitra

Maro ireo tosa-kevitra nivoaka nandritra ny fifanakalozan-kevitra. Anisan'izany ny:

Miralenta sy fampandrosoana ny toe-karena ifotony:

Raha ny sehatr'asa azon'ny vehivavy andraisana anjara hita nandritra ny asa isam-baomiera dia ireo avy:

- Jono
- Asa tanana toy ny rary, rafitra, tao-trano, zaitra
- Varotra
- Sehatry ny fizahan-tany
- Fambolena sy fiompiana
- Fitrandrahana harena akibon'ny tany

Betsaka ny olona hita teo amin'ireo sehatra. Nefa misy ny sakana tsy hahafahan'ny vehivavy mandray anjara amin'izany, ka anisan'izany ireto manaraka ireto:

- Fiankinan-doha loatra amin'ny lehilahy
- Fahasarotam-piaron'ny lehilahy ka mahatonga ny vadiny tsy hivoaka ny trano hiary.
- Tsy fahampian'ny enti-manana
- Tsy fahampian'ny fahalalana sy traikefa
- Tsy fanana vola ahafana mampiodina ny asa

- Tsy fahampian'ny fiofanana amin'ireo sehatra ireo
- Tsy fisian'ny lalam-barotra

Manoloana izany rehetra izany dia manana andraikitra betsaka ny kaominina mba hanamaivanana sy hamahana ireo. Nisy ny vahaolana naroson'ny kaominina tsirairay:

- Avondrona ny olona mitovitovy sehatr'asa ivelomana ka hampiana izy ireo amin'ny fiofanana sy fampidramam-bola madinika.
- Fanokafana lalam-barotra
- Fanentanana ny lehilahy mba hiara hientana amin'ny vehivavy amin'ny fampandraisana anjara azy ireo amin'ny sehatr'asa rehetra azony atao.
- Fanaraha-maso ireo sehatr'asa rehetra ahazoan'ny vehivavy atao , fanorohana hevitra sy fahalalana araka izay tratra ary filazana azy ireo ny vaovao momba ny sehatr'asa misy rehetra (ohatra: Rehefa misy lalam-barotra hita azon'ny olona ao amin'ny kaomina andraisana anjara)

Ny Fandravonana ny disadisa:

Anisan'ireo olana mateti-pitranga sy saro-bahana eny anivon'ny kaomina ny resaka ady tany ka io no nentina nitarihana ny mpandray anjara mba hilaza ny tokony ataony raha misy io tranga io. Izany ihany koa no nentina nijerena ny fahalalan'ny tompon'andraikitra eny anivon'ny kaominina momba ny fandravonana ady sy disadisa.

Nanao izay azony natao ho famahana ny olana ireo tompon'andraikitra ary rehefa avy nandray anjara ny rehetra ny hita fa tokony jerena ny lalàna sy ny fiarahamonina rehefa misy fandravonana disadisa.

Ny miralenta sy ny fiovaovan'ny toetrandro ary ny fampandrosoana maharitra:

Hiaraha-mahalala ny fiovaovan'ny toetr'andro amin'izao fotoana izao ka tsy dia sarotra ho an'ireo mpandray anjara tao anatin'ny fiofanana loatra ny nahazo ny atao hoe: fiovaovan'ny toetrandro. Rehefa vita ny fanazavana ny fandaharana sy ireo fifanarahana nasiônaly sy iraisam-pirenena natao sonia, ny paik'adin'ny fanjakana Malagasy momba ny fiovaovan'ny toetrandro. Nahatsapa ny kaominina tsirairay avy fa manana andraikitra amin'ny fampihenana ny fiatraikan'io amin'ny vahoaka ary koa amin'ny fametrahana lamin'asa ahafahana miatrika io fiovaovan'ny toetrandro. Manoloana izany dia nanapan-kevitra ny kaominina fa hanatanteraka ireto manaraka ireo:

- Fambolen-kazo
- Fahampahafantarana ny mpamboly sy ny mpiompy ny tokony hataon'izy ireo manoloana ny fiovaovan'ny toetrandro

- Fananganana vaomiera manokana momba ny fijena ny ala sisa.

Fanomezan-danja ny asa fikarakarana marary:

Raha teo amin'ny resaka VIH/SIDA dia efa somary mangingina ny fanentanana amin'ny fisoroana sy ny fikarakarana marary amin'izao fotoana izao. Na dia izany aza dia misy fikambanana iray ao Toamasina izay miandraikitra manokana io asa fikarakarana marary sy fameranana ireo olona mitondra ny simok'aretina io eny anivon'ny fiaraha-monina

Tombana momba ny drafitr'asa miralenta sy ady amin'ny herisetra teo aloha sy fampidirana ireo fandaharam-piofanana vaovao ao anatin'ny drafitr'asa:

Samy efa manana drafitr'asa ho fametrahana ny miralenta eny ifotony sy ny ady amin'ny herisetra avokoa ireo kaominina efatra nandray anjara ireo, kenefa noho ny fisian'ny fandraharana vaovao izay hita fa mametraka ny miralenta sy ny ady amin'ny herisetra eny ifotony, dia nampidirina tao anatin'ny drafitr'asa ny politika hatao momba ny miralenta sy ny fampandrosona eny ifotony, fiovaovan'ny toetr'andro, fandravonana disadisa ary ny fanomezan-danja ny asa fikarakarana marary. Teo koa ny fanaovana jery todika ny drafitr'asa teo aloha ary ny fijerena manokana ny asa vita, ny eo andalam-pahavitana.

TOVANA A: FANDAHARAM-POTOANA

**ATRIKASA MOMBA NY FAMETRAHANA DRAFITR'ASA MOMBA NY MIRALENTA SY
NY ADY AMIN'NY HERISETRA**

Firenena: Madagasikara

**Kaominina: Commune Urbaine Toamasina, Commune Sub Urbaine Toamasina,
Commune Urbaine Mahanoro, Commune Rurale Mahavelona Foulpointe**

Toerana: Espace Alia Mangarano II, Toamasina

Daty: 30-31 Janoary 2012

Ora	Daty	Iza(Tompon'andra ikitra)
	30 Janoary 2012	
08h-8h 30	Fandraisana	GL
8h 30h- 10h	Fanazana momba ny fifaninanana andihan'ny faha 3	GL
10h- 10h 30	Loh 1: Miralenta sy fampandrosoana ny toe-karena eny ifotony	GL
10h 15- 10h 30	Pause café	
10h 30 - 12h30	Asa isam-baomiera	Ny mpiofana
12h30-14h	Sakafo	
14h-15h -15h	Tatitra	GL
15h-15h30h	Loh 2 : Fandravonana ady sy ny disadisa	GL
15h30-16h	Asa isam-baomiera	Ny mpiofana
16h- 16h 15	Pause café	
16h 15- 17h	Tatitra	GL
	31 Janoary 2012	
8h30-9h	Loh 3: Ny miralenta sy ny fiovaovan'ny toetr'andra ary ny fampandrosoana maharitra	GL
9h – 9h 30	Asa isam-baomiera	Ny rehetra
9h30 -10h 15	Tatitra	
10h15 – 10h 30	Pause café	
10h 30- 11h	Loh 4: Fanomezan-danja ny fikarakarana marary	Ny rehetra
11h- 11h 30	Atrik'asa isam-baomiera	
11h 30- 12h	Tatitra	
12h – 12h 30	Tombana momba ny drafitr'asa sy fampidirana ireo asa tokony ho ataon'ny kaominina izay vohadinika nandritry ny fiofanana	Ny mpiofana
12h 30- 14h	Sakafo	
14h30- 16h	Asa isam-baomiera	Ny rehetra
16h15 – 16h 30	Pause café	
16h30- 17h	Asa isam-baomiera	Ny rehetra
17h- 17h15	Famintinana sy tombana	Ny rehetra

TOVANA B – Lisitry ny mpandray anjara



Firenena: Madagasikara

Kaominina: Commune Urbaine Toamasina, Commune Sub Urbaine Toamasina, Commune Urbaine Mahanoro, Commune Rurale Mahavelona Foulpointe

Toerana: Espace Alia Mangarano II, Toamasina

Daty: 30-31 Janoary 2012

N°	NOMS ET PRENOMS	SEXE	ORGANISATION / MUNICIPALITY	DESIGNATION	TELEPHONE	E mail
1	RAHERINIRINA Gisele	F	CECJ Foulpointe	Parajuriste	033 04 983 43	Giselerahelinirina11@yahoo.fr
2	RAZANADRAIBE Fidelice	M	Dove English Club Foulpointe	Président	032 74 760 15 034 18 946 08	fidelicerazanadraibe@yahoo.fr
3	BAVY Blandine	F	CECJ Toamasina	Parajuriste	034 84 235 37	blandine.bavy@yahoo.com
4	RAZAFINDRALAMBO Jeanne Edwise	F	Commune Urbaine Toamasina	Conseillère	032 45 492 85	
5	RAKOTOARIMANANA Estella	F	CECJ Foulpointe	Juriste	032 81 620 80	estellarakotoarimana@yahoo.fr
6	RAZAFINDRAKOTO Gaby	F	FPFE	Secrétaire	032 04 410 43	gabyrazaf@yahoo.fr
7	RADANIHARILINE Eleonore	F	FPFE	Membre	034 15 855 12	radanihariline@live.fr
8	MARIE Jeannette	F	CECJ	Parajuriste	034 06 359 98	Jeannettemarie85@yahoo.fr
9	RAKOTOMALALA Fanjarahisoa	F	Tamatave Sub Urbaine	Sécretaire	032 44 512 38	
10	Lehefatra Vincent de Paul	M	Tamatave Sub Urbaine	Sécretaire	032 51 982 63	
11	RAZAFY Paul Anselme	M	Tamatave Sub Urbaine	Police Communale	032 02 884 50	
12	TELOLAHY Samson	M	Tamatave Sub Urbaine	Police Communale	033 02 917 52	
13	SAMPILAHY	M	Tamatave Sub Urbaine	1ère Adjoint au Maire	032 53 252 11	
14	ANDRE Lekamisy	M	Tamatave Sub Urbaine	Sécretaire	032 40 625 51	

15	RIAZARISON Jean de Dieu	M	Tamatave Sub Urbaine	Sécretaire	034 17 735 11	
16	BOARA Suzanne	F	Tamatave Sub Urbaine	Particulier	032 47 622 79	
17	HANTANIRINA Sophie	F	Tamatave Sub Urbaine	Sécretaire	034 17 735 11	
18	RADERANDRAIBE Eric Michel	M	Tamatave Sub Urbaine	Percepteur impots	032 21 702 70	
19	HARIVOLOLONA	F	Cecj	Parajuriste	034 13 805 72	aharivololona@yahoo.fr
20	YAMICOLE Ganette	F	CECJ	Parajuriste	032 41 853 19	yamicolegenette@yahoo.fr
21	RAZANARAZO Yvonne Arlette	F	Commune Urbaine Toamasina	Conseillère municipale	034 61 688 93	razanarazoarlette@gmail.com
22	BEZENARIZANANY Marie Flore	F	CECJ Tamatave	Parajuriste	032 44 269 63	marieflore95@yahoo.fr
23	RANDRIARIMANANA Fanjaniaina Emelie	F	FPFE	Présidente	033 11 462 80	fanjaniain@gmail.com
24	VIA Celne Mare Yolande	F	FPFE	Vice Présidente	034 13 594 37	via_yolande@yahoo.fr
25	RAMANANTSOA Michel	M	CECJ Ampasimadinika	Parajuriste	034 41 032 23	
26	TELOLAHY Pierre	M	Commune Mahanoro	Maire	034 64 98778	
27	RANDRIAMANANTENA Dominique	M	Commune Mahanoro	Journaliste	033 02 336 95	
28	LEZOMA Maurice	M	Commune Mahanoro	Comité executive	033 79 190 62	
29	NARIVOARISOA Joecia	F	Commune Mahanoro	Sécretaire	033 24 222 63	
30	TELOVAVY Jeannine	F	Commune Mahanoro	Depositaire comptable	033 07 526 56	
31	MAMPIANINA Willie Josoa	F	Commune Mahanoro	Agent de developpement	032 76 719 56	
32	RAKOTONDRAZANANY Malala Natacha	F	Service Population Mahanoro	Division Protection Sociale	033 14 654 61	
33	RAMAROMANANA Velonanahary	M	Doves English Club	Membre fondateur	034 63 568 16	rvelona17@yahoo.fr
34	RASOANAMBININA Vavimarinô	F	CECJ Foulpointe	Parajuriste	034 18 126 10	
35	JOSETTE Marie Céline	F	Commune Foulpointe	Conseillère	032 59 929 85	mariacelinejosette@yahoo.fr
36	RAVOLANANTENAINA Catherine Clotilde	F	CECJ Foulpointe	Parajuriste	034 13 592 32	catherineravolanante.naina@yahoo.fr

37	RAKOTONIAINA Erick	M	Commune Foulpointe	Adjoint au Maire	034 13 592 51	
38	ZANAONDRASOA Franciscoa	M	Commune Foulpointe	Journaliste	034 17 990 08	
39	RAKOTONIRINA Claudia	F	GL		034 16 808 58	hariclaudia@yahoo.fr
40	RAZANADRATEFA Zotonantenaina	M	GL	F.A	034 43 087 78	zotonantenaina@gmail.com
41	PAPISY Ialfine	F	GL	F.O	032 05 771 18	ialfine_tracoulat@yahoo.fr
42	MANGALAZA Corrine	F	GL	Stagiaire	034 96 654 54	cmangalaza@hotmail.fr

Stat:

Lahy	16
Vavy	26
Fitambarany	42

Tovana D : DRAFITR'ASA COMMUNE URBAINE DE TOAMASINA
DRAFITR'ASA MIRALENTA SY ADY AMIN'NY HERISETRA TOAMASINA

**DRAFITR'ASA HAMPIHARINA ENY AMIN'NY KAOMININA IFOTONY MOMBA NY MIRALENTA
 SY NY HERISETRA ATAO AMIN'NY VEHIVAVY**

Ny sehatra izay tokony ho fenoina :

- **Iza** – sampan-draharaha iza /inona no tompon'andraikitry ny asa na hetsika?
- **Inona ny tahirin-kevitra na zava misy ho fototra iaingana** – inona no iaingana, valio ireo fanontaniana?
- **Inona ny tanjona /ny tondro zotra milaza ny vokatra**– inona ny tanjona farany kendren' ny kaominina ary ahoana ny tondro hahafahana mandrefy fa tratra izany tanjona izany, valio ireo fanontaniana?
- **Rahoviana** – Ahoana ny fe-potoana hanatanterahana izany?
- **Teti bola** – Hoatrinona ny tetibola ilaina hanatanterahana izany hetsika na asa izany?

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA AR
DRAFITR'ASA MIKASIKA NY POLITIKA MOMBA NY MIRALENTA						
Fampahafantarana ny Fiferanaran'ny Faritra Atsimon'I Afrika (FFA) momba ny miralenta sy fampandrosoana eo anivon'ny kaominina. Fampahafantarana ny fenitry ny SADC momba ny miralenta sy fampandrosoana.	Fanomezana fiofanana ny Kaominina momba ireo fifanarahana nasiônaly, reziônaly ary iraisam-pirenena momba ny miralenta sy fampandrosoana.	Gender Links Commune/fpfe	Fampiofanana	Ny Kaominina sy ireo tompon'andraikitra isaky ny Fokontany eo anivon'ny Kaominina	AVRIL 2012	878000
Fandrafetana drafitr'asa miralenta sy fampiharana izany.	Fanentanana ho amin'ny fampiharana ny drafitr'asa miralenta eo	Ny ben'ny tanàna sy ny mpanolo-tsaina+ FPFE	Fampiofanana ataon'ny Gender Links	Drafitr'asa momba ny miralenta	MAI 2012	64 000

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA AR
	amin'ny kaominina					
I. FITANTANANA						
Representation						
Fampiakarana ny fampandraisana anjara ny vehivavy eo amin'ny sehatra fanapahan-kevitra mba hanomezana lanja bebe kokoa ny filan'ny vehivavy	Fampivondronana ireo fikambanam-behivavy/vondrona manana tanjona mitovy, avy aminà antoko pôlitika samihafa AVY AMIN'NY FAMPANDRAISAN'ANJARA NY VEHIVAVY EO AMIN'NY SEHATRA FANAPAHAN-KEVITRA HO FANOMEZAN-DANJANY FILAN'NY VEHIVAVY	Ben'ny tanàna sy fikambanam-behivavy (population)	Ny kaominina	Farafahakeliny hisy antoko pôlitika roa voaetana	mai 2012	50 000
	Fampidirana ny vehivavy vonona handray andraikitra anantiana tambazotra iray eo anteorana, eo amin'ny sehatra nasiônaly, ary reziônaly.	Ben'ny tanàna sy fikambanam-behivavy	Ny kaominina	Mitombo ny isan'ny vehivavy tafiditra ao anaty tambazotra	2012	50 000
Fampiofanana ny vehivavy mpanolo-tsaina ao amin'ny kaominina mba hahafahan'izy ireo mamantara ny filan'ny vehivavy.	Fantarina ny fahalalana sy fahaizana efa ananan'ny vehivavy	Vehivavy mpanolo-tsaina ao amin'ny kaominina + FPFE	Ny kaominina	Voafaritry mazava ireo filan'ny vehivavy ao amin'ny kaominina	FIN FEVRIER 2012	300 000
	Fampiofanana ny vehivavy momba ny fanadihadiana ny filan'ny vehivavy eo anteorana, momba ny	Vehivavy mpanolo-tsaina ao amin'ny kaominina	Ny kaominina	<i>Miakatra 50% ny fandraisana anjaran'ny vehivavy</i>	MARS 2012	300 000

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA AR
	miralenta, fahaizana miteny imasombahoaka, fahatokisantenana...					
Fampiofanana sy fampahafantarana ny lehilaly momba ny miralenta mba hanohanan'izy ireo ny fampanjakana ny miralenta.	Fanomezana fampiofanana ireo mpiandraikitra ambony (lahy sy vavy) ao amin'ny kaominina	Ny ben'ny tanàna Federation pour la Promotion Féminine et Enfantine(FPFE)	Ny kaominina sy ny FPFE	<i>Miakatra 50% ny fandraisana anjaran'ny vehivavy</i>	2010	
	Fifanakalozan-kevitra amin'ireo tompon'andrakitra sy manam-pahefana lehilahy ao amin'ny kaomina momba ny miralenta	Ny ben'ny tanàna Federation pour la Promotion Féminine et Enfantine(FPFE)	Kaominina, FPFE	<i>Indray mandeha isaky ny telo volana ny fivoriana miaraka amin'ireo mpanolo-tsaina ny tompon'andrakitra rehetra ao amin'ny kaominina</i>	2010	
Fandraisana anjara						
Fampiharana ny miralenta eo amin'ny isan'ny vehivavy sy ny lehilahy ao anatin'ny kômitry eny anivon'ny FKT	Fampiharana ny miralenta eo amin'ny isan'ny vehivavy sy ny lehilahy ao anatin'ny kômitry eny anivon'ny FKT	Ny Ben'ny tanàna Ireo mpanolo-tsaina kôminaly Ny sefo FKT	Kaominina Fokontany	<i>50/50</i>	2011	
Fanentanana ny lehilahy eo amin'ny kaominina mba hahafataran'izy ireo bebe kokoa ny tena tanjona	Fandrafetana drafit'asa manokana iarahana amin'ny lehilahy	Ny Ben'ny tanàna Ireo mpanolo-tsaina kôminaly Ny sefo FKT	Kaominina Fokontany	Tahirin-kevitra momba ny lehilahy	2011	
	Fanasana ny vahoaka	Ny Ben'ny tanàna	Kaominina	Fandraisanan'ny rehetra	2011	

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA AR
amin'ny fampanjakana ny miralenta ka hanafoanana ny ahiahy izay mety hananan'izy ireo.	rehefa misy ny fivoriana	Ireo mpanolo-tsaina kôminaly Ny sefo FKT	Fokontany	anjara		
Fandraisana anjaran'ny vahoaka						
II. LAMIN'ASA						
<i>Fandrafetana drafitr'asa momba ny fampandrosoana eo amin'ny kaominina</i>	Fanokanana fotoana iray entina hanagonana ny filàn'ny vahoaka	Ny ben'ny tanàna	Ny kaominina	Fandraisana anjaran'ny tompon'andraikitra isan-tsokajiny	2012	828 000
	Fandrafetana amin'ny antsipirihany ny drafitr'asa iarahana amin'ny vahoaka	Ny ben'ny tanàna sy ny kaominina	Ny kaominina	Fandraisana anjaran'ny tompon'andraikitra isan-tsokajiny, vehivavy sy lehilahy, antitra sy tanora	2012	878 000
	MIARA-MIASA AMIN'NY HAINO AMAN-JERY AMIN'NY FITAIZANA NY FIARAHAMONINA	COMMUNE		COMMUNE	2012	5 000 000
III. NY MIRALENTA EO AMIN'NY LAMIN'ASA EFA MISY						
Vonjy taitra						
Ny toe-karena sy famoronana asa						
Fitsiniovana ny miralenta eo amin'ny sehatry ny asa satria maro kokoa ny vehivavy tsy manana asa mihoatra amin'ny lehilahy	Fampiofanana momba ny fitadiavana asa	Ben'ny tanàna , NY KAOMININA ireo toerana natokana amin'ny fitadiavana asa	Kaominina	Miakatra ny isan'ny vehivavy manana asa	2012	1 500 000
	Fampahafantarana ny vehivavy momba ireo sehatr'asa afaka hidirany.	Ben'ny tanàna , NY KAOMININA ireo toerana natokana amin'ny fitadiavana asa	Kaominina	Miakatra ny isan'ny vehivavy manana asa.	2012	3 000 000

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA AR
	FITADIAVANA LALAM-BAROTRA	COMMUNE	COMMUNE		2012	500 000
	MANENTANA NY FIARAHAMONINA EO AMIN'NY FANDRAISAN'ANJARA MITOVY NY LAHY SY VAVY EO AMIN'NY FAMPANDROSOANA	COMMUNE	COMMUNE		2012	500 000
Fanolorana sy fahazoana tolo-bidy (Soumission et contraction d'appels d'offres)						
Famongorana ny fahantrana						
Fitadiavana paik'ady miralenta entina hamongorana ny fahantran'ny vehivavy, indrinidra indrinidra ireo tokantrano tantanin'ny vehivavy.	Fandrafetana drafitr'asa manokana momba ny tsy fanjarian-tsakafo.	Ben'ny tanàna, NY KAOMININA Ireo sefo FKT, Fikambanana samihafa sy hôpitaly na CSB II	Kaominina	90% n'ny ankizy dia mahazo sakafo ara-dalàna	2010	
	Fiaraha-miasa akaiky eo amin'ny Vondrom-bahoaka Ifotony (VOI) sy ireo fikambanana tsy miankina; izay efa manampy ireo fianakaviana sahirana	Ben'ny tanàna, NY KAOMININA Ireo sefo FKT, Fikambanana samihafa	Kaominina	Fampihenana ny fahantrana	2012	7 000 000
Fanohanana ny asa fandraharahana						
Fampirihana ny vehivavy amin'ny fandrarahana	Fananganana sehatra hahafahan'ny vehivavy miroso eo amin'ny	Ben'ny tanàna, NY KAOMININA Ireo sefo FKT,	Kaominina	Miakatra 70%	2012	500 000

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA AR
	fandrarahana (manomboka amin'ny sehatra kely) mba hahafahan'izy ireo mampivoatra ny fari-piainany	Fikambanana samihafa				
	Fiaraha-miasa amin'ny sehatra miankina sy ny tsy miankina	Ben'ny tanàna, NY KAOMININA Ireo sefo FKT, Fikambanana samihafa	Kaominina	Maikatra avo telo heny	2010	
Sehatr'asa tsy manara-penitra						
	Fampidirana ny vehivavy eo amin'ny sehatr'asa manara-penitra mba hahafahany mivelatra	Ben'ny tanàna NY KAOMININA Ireo tompon'andraikitra rehetra momba ny hetra	Kaominina	50% n'ny vehivavy dia mpikambana aminà fikambanana mikendry ny fampandrosoana	2012	250 000
Fitsinjovana ny miralenta eo amin'ny tolotra sy ny tinady	Fampiasana mitovy ny lehilahy sy ny vehivavy eo amin'ny fanatanterahana ny drafitr'asa momba ny foto-drafitrasa ampiasain'ny vahoaka	Ben'ny tanàna NY KAOMININA	Kaominina	Mitovy ny fahazoana tombontsoa eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy	2012	500 000
INFRASTRUCTURE						
Toeram-ponenana						
Fitsinjovana ny miralenta eo amin'ny sehatry ny fananan-tany	Fijerena toeram-ponenana ho an'ny fiakaviana sahirana	Ben'ny tanàna NY KAOMININA	Kaominina	50% n'ny vehivavy dia manana tany	2012	5 000 000
	Fanamorana ny fananan'ny vehivavy	Ben'ny tanàna NY KAOMININA	Kaominina	70% n'ny vehivavy manana tany misoratra amin'ny	2012	

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA AR
	tany			anarany		
	Fanangonana toro (statistique par sexe) momba ny lahy sy ny vavy momba ny fananan-tany	Ben'ny tanàna NY KAOMININA Sefo FKT	Kaominina		2012	
	Fanorenana manaraka ny "plan d'urbanisme"	Ben'ny tanàna NY KAOMININA	Kaominina	Fanorenana manara-penitra	2012	
Fandraisan'ny vehivavy anjara eo amin'ny sehatry ny fanorenana trano satria ny trano tsy zarizary dia mety hisy fiantraikany ratsy eo amin'ny fianakaviana.	Fijerena fa manara-penitra ny trano iray Fizahana mialoha alohan'ny hanomezana ny taratasy fahazoandalana hanorina	Ben'ny tanàna NY KAOMININA	Kaominina	Trano manara-penitra avokoa no hita eo amin'ny tanàna	2012	
Fampirihana ny vehivavy hanorina trano	Fanomezana fiofanana momba ny tao-trano	Ben'ny tanàna NY KAOMININA Ny mpiandraikitra isan-tsokajiny momba izany Mpampiofana	Kaominina	Mitombo ny isan'ny vehivavy eo amin'ny sehatry ny fanorenana trano	2010	
Rano sy fahadiovana ary herin'aratra						
Fahazoana antoka fa manana rano fisotro madio sy herin'aratra ampy ny vehivavy	Fitsinjovana manokana ny fianakaviana sahirana	Ben'ny tanàna	Kaominina	50% n'ny fianakaviana dia mahazo tombotsoa	2010	
	Fampirihana ny vehivavy hitazona ireo tombony nomeny azy	Ben'ny tanàna sy sefo FKT	Kaominina	50% n'ny vehivavy no mitazoma ny tombotsoa manokana nomena azy	2010	
TOTONLO IAINANA MANARA-PENITRA SY AZO ANTOKA						
Fampandraisana andraikitra ny lehilahy sy	Fampandraisana anjara ny rehetra eo amin'ny	Ben'ny tanàna NY KAOMININA	Kaominina	Madio ny tanàna, madio ny rivotra, ny rano voaro ,	2012	

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA AR
ny vehivavy eo amin'ny fiarovana ny tontolo iainana	fanariana ny fako, ny fikajiana ny rano fisotro madio, sns	Ny Sefo FKT Fikambanana/ SANTE		vahoaka salama		
Fanangonana ny hevitra ny rehetra amin'ny fitadiavana vahaolana eo amin'ny fiparitahan'ny fako.	Fanangonana ny hevitra ny rehetra amin'ny fitadiavana vahaolana eo amin'ny fiparitahan'ny fako. Fivoriana eny anivon'ny FKT	Ben'ny tanàna NY KAOMININA Ny Sefo FKT Fikambanana	Kaominina	-Samy tompon'andraikitra ny tsirairay ary madio ny tanàna	2012	
	MANANGANA CELLULE DE GESTION DE RISQUE ET DE CATASTROPHE	COMMUNE/BNGRC			2012	
	MANAO DRAFITRA IATREHANA NY LOZA VOAJANAHARY	COMMUNE/BNGRC			2012	
Vonjy taitra						
Fanentanana ny vehivavy mba hiaro tena amin'ny loza mety ateraky ny afo izay mety handoro ny trano fonenana sy ny fananana	Fanomezana fampiofanana ny rehetra momba ny fiarovana amin'ny afo / LOZA	Ben'ny tanàna NY KAOMININA Ny Sefo FKT Fikambanana	Kaominina	Mihena 90% ny loza ateraky ny afo	2012	
FAHASALAMANA						
Fahazoana antoka fa manana tobim-pahasalamana ny vehivavy ary mahazo fitsaboana sahaza.	Fampitomboana ny CSB mobile ary fitetezana ny faritra rehetra	Ben'ny tanàna NY KAOMININA Mpitsabo	Kaominina	Mitombo avo roa heny ny fanentanana	2011	
	Fananganana tobim-	Ben'ny tanàna	Kaominina	Roa vao hahorina	2012	25 000 000

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA AR
	pahasalamana ho an'ny vehivavy; ahitana sampana momba ny fandrindrana ny fiainam-pianakaviana, toerana mandray ireo olona tratran'ny tsimok'aretina VIH/SIDA, mandray ny olona marary mafy, misy toerana fanomezana toro-hevitra./ FAMETRAHANA TETI-BOLA HO ENTI-MIATRIKA NY ADY AMIN'NY VIH SIDA	NY KAOMININA Mpitsabo/KOMITY MANOKANA MOMBA NY ADY AMIN'NY SIDA		(Morarano: toerana be mponina)		
Fitadiavana vahaolana ho an'ireo vehivavy sy ankizy tratry ny tsy fanjarian-tsakafo.	Fandrafetana drafitr'asa momba ny fanjarian-tsakafo	Ben'ny tanàna NY KAOMININA Mpitsabo na Fikambanana	Kaominina	Mihena 90% ny tsy fanjarian-tsakafo. Fiaraha-miasa amin'ireo mpanentana ara-pahasalamana eny anivon'ny FKT	2011	
NY MIRALENTA SY NY VIH/ SIDA						
Fisorohana						
Famantarana mazava ny fipariahan'ny tsimokaretina VIH/SIDA eo amin'ny kaominina.	Fanomezana lanja ny miralenta ao anatin'ny drafitr'asa momba ny VIH/SIDA. Fanagonana tarehi-marika momba ny lahy sy ny vavy	Ben'ny tanàna NY KAOMININA Mpitsabo na Fikambanana/ FPFE	Tompon'andr aikitra ara- pahasalaman a	Tarehi-marika mazava	2012	5 000 000
	Fampiasana fimailo ho an'ny vehivavy	Ben'ny tanàna NY KAOMININA	Tompon'andr aikitra ara-	70% n'ny vehivavy dia mampiasa fimailo	Efa ela/2012	

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA AR
		Mpitsabo	pahasalaman a			
Fampandrosoana ara-tsôsialy						
Fampandraisana anjara ny vehivavy amin'ny fanatanhan-tena	Fananganana ekipa mpanao baolina ho an'ny vehivavy	Ben'ny tanàna NY KAOMININA Sefo FKT	Kaominina	Miakatra 50% ny fandraisana anjaran'ny vehivavy	2010	
	Fanamorana ny fidirana amin'ny fanaovana fanatanjaha-tena ho an'ny rehetra	Ben'ny tanàna NY KAOMININA	Kaominina		2010/2012	
	Fananganana sy fanamboarana toerana fanaovana fanatanjahan-tena	Ben'ny tanàna NY KAOMININA	Kaominina	Mitombo avio telo heny	2010	
Fitsinjavana ny miralenta eo amin'ny fanatanjahan-tena nentim-paharazana, ny kolontsaina, ny hay tao ary ny fialam-boly mba samy afaka handray anjara mitovy amin'izany ny lahy sy ny vavy.	Fandrafetana drafitr'asa mifanaraka amin'izany ary fahazoana antoka fa samy mahazo tombotsoa avokoa na ny lahy na ny vavy	Ben'ny tanàna , Tompon'andraikitra momba ny fanatanjahan-tena, ny kolontsaina ary ny fialam-boly	Kaominina	Samy afa-po ny tsirairay	2010	
Fahazoana antoka fa voafaritry sy nahitana vaha-olana ny filàn'ny vehivavy Fahazoana antoka fa afaka mampiasa tsy misy ahiahy ny tambazotra fitaterana ny vehivavy sy ny ankizy	Fijerena akaiky ny sehatry ny fitaterana raha mikendry ny tombotsoan'ny lahy sy ny vavy./FANOMEZANA FIHOFANANA NY MPANAO FITATERAM-BAHOAKA/ FANAJANA SY FAMPIDARANA NY	Ben'ny tanàna NY KAOMININA Koperativam-pitaterana	Kaominina	Statistika momba ny fampiasan'ny vehivavy sy ny lehilahy ny fiara fitateram-bahoaka	2015/2012	

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA AR
	LALANA MIFEHY NY FIFAMOIVOIZANA					
	Fiarovana ny mpandeha amin'ny loza mety hitranga eny amin'ny fiantsonan'ny fiara; indrindra fa ny ankizy ny sy ny vehivavy	Ben'ny tanàna NY KAOMININA Pôlisy	Kaominina	Fitoniana sy fandriam-pahalemana	2010/2012	
	Fampanjakana ny fandriam-pahalemana	Ben'ny tanàna NY KAOMININA Pôlisy	Kaominina	Mihena 80% ny herisetra	2010/2012	
IV. FIFANTENANA SY FANDRAISANA MPIASA ARY FAMPIASANA AZY IREO						
Fampitomboana ny isan'ny vehivavy miasa ao amin'ny kaominina	Atao laharam-pahamehana ny miralenta	Ben'ny tanàna NY KAOMININA	Kaominina	50% ny vehivavy mpitarika	2011/2012	
	Fanomezana lanja ny vehivavy eo amin'ny fitadiavana mpiasa eo amin'ny kaominina	Ben'ny tanàna NY KAOMININA	Kaominina	80% n'ny vehivavy miasa ao amin'ny kaominina dia mahalala ny zony.	2011/2012	
	Ny asa atao ao amin'ny kaominina dia tokony tsy hisy fanavakavahana eo amin'ny maha lahy na maha vavy	Ben'ny tanàna NY KAOMININA	Kaominina	vehivavy = lehilahy	2011/2012	
Fifantenana sy fandraisana mpiasa						
Fahazoana antoka fa tsy misy fanavakavahana amin'ny maha lahy na	Fametrahana rafitra hahafahana mizaha sy manamarina ny fisian'ny	Ben'ny tanàna NY KAOMININA	Kaominina	Rafitra voafaritra mazava	2011	

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA AR
maha vavy eo amin'ny fifantenana sy fandraisana mpiasa.	miralenta marina eo amin'ny fifantenana sy fandraisana mpiasa.					
Fisondrotana amin'ny asa sy fanamafisana ny fahaiza-manao						
Fahazoana antoka fa samy omena fampiofanana na ny lehilahy na ny vehivavy miasa ao amin'ny kaominina; ohatra fampiofanana momba ny fahaiza-mitarika; entina hampivoarana ny fahaiza-manaon'izy ireo ka hahafahany mahazo fisondrotana amin'ny asa.	Fijerena sy fanombanana ny fahaizana efa ananan'ny mpiasa ao amin'ny kaominina	Ben'ny tanàna	Kaominina	Voatombana ny isaky ny fiadidina isan-tsokajiny	2010/2012	
	Fandrafetana sy fanatanterahana ny fampiofanana ireo mpiasa ao amin'ny kaominina sy ireo mpanolo-tsaina	Ben'ny tanàna	Kaominina	Fiakaran'ny isan'ny MOU	2011/2012	
	Fanaovana fanentanana ireo mpanolo-tsaina, ireo vondrom-bahoaka ifotony ary ireo mpikambana ao amin'ny firahamonim-pirenena	NY KAOMININA sy ireo sefo FKT	Kaominina	50% n'ny sefo FKT dia vehivavy	2011/2012	
	Fampiasana ny internet mba hitsinjovana ny fitondrana tsara tantana	Ben'ny tanàna NY KAOMININA	Kaominina	Misy Internet eo amin'ny teoram-piasana ary isaky ny ambaratongam-pitatanana rehetra	2012	
	Fampitomboana ny isan'ireo sekoly momba ny fanofanana ara-kasa ho an'ny lehilahy sy	Ben'ny tanàna NY KAOMININA DREN	Kaominina	Miakatra avo efatra heny	2010/2012	

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA AR
	vehivavy					
	Fijerena ny filàna ara-piofanana eo amin'ny fiaraha-monim-pirenena ary ny banga eo amin'ny fampandrosoana ny toe-karena.	Ben'ny tanàna NY KAOMININA Sefo FKT	Kaominina	Fahazoana toro hay mitombona	2010/2012	
	Fandrafetana drafitr'asa momba ny fampiofanana tokony atao	Ben'ny tanàna NY KAOMININA Sefo FKT	Kaominina	50% n'ny filàna ara-pampiofanana dia voavaly	2011/2012	
Tontolon'ny asa						
Fanomezana tombony ny vehivavy eo amin'ny toeram-piasana entina hanampiana azy amin'ny fikarakarana ny zanany satria ny vehivavy matetika no tena mikarakara ny ankizy.	Fitsinjovana manokana ny ankizy	Ben'ny tanàna NY KAOMININA	Kaominina	Efitra iray fampinonona zaza	2012	
	Fanomezana tombony ny vehivavy avy niteraka amin'ny alalan'ny fifanarahana eo amin'ny oram-piasana, mba hahafahan'izy ireo manatontosa ny andraikiny amin'ny maha reny azy.	Ben'ny tanàna	Kaominina	Fifanarahana eo amin'ny fandaharam-potoana	2012	
Fandrafetana sy fampiharana drafitr'asa momba ny torikisina (harcèlement sexuel) eo amin'ny kaominina	Fandrafetana sy fampiharana drafitr'asa momba ny torikisina (harcèlement sexuel) eo amin'ny kaominina	Ben'ny tanàna	Kaominina	Drafitr'asa momba ny torikisina (harcèlement sexuel)	2010/2012	800 000
Fahazoana antoka fa voaro ny lehilahy sy ny vehivavy miasa amin'ny	Fiarovana ny lehilahy sy ny vehivavy miasa amin'ny alina	Ben'ny tanàna NY KAOMININA	Kaominina	Drafitr'asa momba ny fiarovana ny fandriampahalemana	2010/2012	

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA AR
alina.						
V. RAFI- PITANTANANA NY MIRALENTA						
Rafitry ny miralenta						
Fametrahana drafitr'asa miralenta mifanaraka amin'ny toe-java-misy eo an-toerana izay ilàna ny fankatoavan'ny kaominina ary ho ampiarin'ny kômitry momba ny miralenta	Fananganana ny kômitry momba ny miralenta izay hanao fanadihadiana momba ny teo-java-misy eo an-toerana ary handrafitra ny drafitr'asa hampidirana ny miralenta.	Ben'ny tanàna NY KAOMININA Fikambanana tsy mainkina	Kaominina	Fisian'ny drafitr'asa momba ny miralenta	2010/2012	5 000 000
	Fankatoavana ny drafitr'asa izay ho ampiarin'ny kômitry avy hatrany.	NY KAOMININA	Kaominina	Drafitr'asa mazava	2010/2012	
Fananganana ireo rafitra isan-karazany ho amin'ny fampidirana ny miralenta ary fahazoana antoka fa manana ny ilaina rehetra io kômitry io amiin'ny fanatontosana ny asa. Fahazoana ny fandraisana anjaran'ireo tompo'ndraikitra ambony ao amin'ny kaominina.	Fananganana sy famolavolana ny rafitra amin'ny fampidirana ny miralenta	Ben'ny tanàna NY KAOMININA Fikambanana tsy mainkina	Kaominina	Fisian'ny rafitra mahomby	2011/2012	1 000 000
	Fananganana ny kômitry	Ben'ny tanàna NY KAOMININA Fikambanana tsy mainkina	Kaominina	Fisian'ny kômitry momba ny miralenta	2011/2012	
	Fitadiavana mpiasa manana traikefa manokana momba ny miralenta.	Ben'ny tanàna NY KAOMININA Fikambanana tsy mainkina	Kaominina	Voatsangana ny ekipa manana traikefa momba ny miralenta	2011/2012	
Fampidirana ny miralenta	Fampidirana ny	Ben'ny tanàna	Kaominina	Manana fahasahiana handray	2011/2012	

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA AR
eo amin'ny drafitr'asa momba ny fampandrosoana.	miralenta eo amin'ny drafitr'asa rehetra eo amin'ny kaominina.	NY KAOMININA Fikambanana tsy mainkina		andraikitra ny vehivavy		
Fahazoana antoka fa voatsinjo ny miralenta eo amin'ny fomba fiasa, eo amin'ny fampandehanan-draharaha rehetra eo amin'ny kaominina.	Fampahafantarana ny vahoaka ny maha zavadehibe ny fanomezandanja ny miralenta eo amin'ny dingana rehetra amin'ny fampandrosoana eo amin'ny kaominina.	Ben'ny tanàna NY KAOMININA Fikambanana tsy mainkina	Kaominina	Hita taratra ao anatin'ny drafitr'asa momba ny fampandrosoana rehetra ny miralenta	2011/2012	3 000 000
	Mandray anjara amin'ny fandrafetana ny drafitr'asa (drafitr'asa fampandrosoana) momba ny miralenta amin'ny antsipirihany ireo olona ao anaty kômitry.	Ben'ny tanàna NY KAOMININA Fikambanana tsy mainkina	Kaominina	Misy mpanara-maso iray manamarina ny asa vita	2011/2012	2 000 000
Tetibola, fanaraha-maso sy tombana						
Fahazoana antoka ny fisian'ny vola atokana ho amin'ny fampidirana ny miralenta.	Fampidirana ny miralenta eo amin'ny teti-bola	Ben'ny tanàna NY KAOMININA	Kaominina	Vola manokana natokana hanaovana fanadihadiana momba ny miralenta	2012	
	Fanoanana ny teti-kasa momba miralenta	Ben'ny tanàna NY KAOMININA Ny mpiandraikitra ao amin'ny kaominina	Kaominina	Misy ny teti-bola manokana hanoanana ny miralenta ary tanteraka ny drafitr'asa.	2012	
Fanasarahana hatrany ny antotan'isa misaraka momba ny lehilahy sy ny vehivavy araka izay tratra.	Fanangonana antotan'isa	Ben'ny tanàna NY KAOMININA Fikambanana	Kaominina	Fahazoana ny antotan'isa rehetra.	2011	

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA AR
Fanamafisana ny fahaiza-manao						
Fahazoana antoka ny fisian'ny fampiofanana momba ny miralenta entina mampahafantatra ny mpiasa rehetra ao amin'ny kaominina.	Fanamorana ny fahazoan'ny tsirariray fampiofanana	Ben'ny tanàna NY KAOMININA Fiarahamonim-pirenena	Kaominina	In-droa isan-taona, 50/50 vehivavy sy ny lehilahy	2010/2012	2 500 000
	Fanolorana ny drafitr'asa (momba ny fampiofanana) an'ireo mpanolo-tsaina sy tompon'andraikitra ambony ao amin'ny kaominina ary ny solontenan'ny fiarahamonim-pirenena.	Ben'ny tanàna NY KAOMININA Fiarahamonim-pirenena	Kaominina	50% n'ny mpiasa dia vehivavy	2010/2012	5 000 000
Fahazoana antoka fa mitovy ny isan'ny vehivavy sy ny lehilahy eo amin'ny toerana fanapahan-kevitra ao amin'ny kaominina	Hanao ny ezaka rehetra ny kaominina mba hitovian'ny isan'ny lehilahy sy ny vehivavy eo amin'ny toerana fanapahan-kevitra.	Ben'ny tanàna NY KAOMININA	Kaominina	50% n'ny mpanolo-tsaina dia vehivavy	Rehefa misy ffidianana	

TETIKASA FILAMATRA/LOHANY – HO FAMONGARANA NY HERISETRA ATAO AMINY VEHIVAVY TOAMASINA

Fanohanana sy fanampiana

<p>Ny kômitry natsangana no manatanteraka antsakany sy an-davany ny drafitr'asa momba ny ady amin'ny herisetra eny anivon'ny FKT</p>	<p>- ohatra: manadio ny FKT - Fandravana ireo trano rava sy tsy misy mipetraka</p>	<p>Ny manam-pahefana eo an-toerana Fikambanana tsy miankina Vondrom-bahoaka ifotony</p>		<p>Voadio ny manodidina rehetra</p>	<p>Jan –Marsa 2011/2012</p>	<p>4 000 000</p>
<p>Ireo nahazo ny fampiofanana no manao ny fanentanana ny tompon'andraikitra eny anivon'ny FKT ny amin'ny tokony hitondran'izy ireo fanampiana ho an'ireo nihara'ny herisetra.</p>	<p>Fanonganana-kevitra: - tahirin-kevitra ilaina momba izany - Fikarakarana ireo niharan'ny herisetra</p>			<p>Vita ny fanonganana-kevitra (enquête) Nahazo fampiofanana ireo tompon'andraikitra eo an-toerana</p>	<p>Jan –Marsa 2011/2012</p>	<p>4 000 000</p>

Fandrindrana

Fiarovana

<p>-Fanafoanana ny herisetra mihatra amin'ny ankizivavy sy ankizilahy indrindra fa ireo tsy ampy taona. -Mahalala ny zo sy ny lalàna ny rehetra</p>	<p>Fanentanana eny anivon'ny FKT</p>	<p>Fikambanana eo an-toerana</p>		<p>70% n'ny tanora lahy sy vavy dia voaro amin'ny herisetra</p>	<p>Jan-Marsa 2011</p>	
	<p>Fananganana kômitry momba ny ady amin'ny herisetra</p>	<p>Ny manam-pahefana eo an-toerana Fikambanana tsy miankina Vondrom-bahoaka ifotony</p>		<p>Kômitry iray isaky ny FKT</p>	<p>Jan-Marsa 2011</p>	

	Fanomezana fahalalana sy fampiofanana momba ny lalàna sy zo manoloana ny herisetra	Mpampiofana		50%ny olona ao amin'ny FKT dia resy lahatra ary sahy manatona ny manam-pahefana rehefa misy tranganà herisetra	Jan-Marsa 2011 25Nov-10 Desambra	

DRAFITR'ASA HAMPIHARINA ENY AMIN'NY KAOMININA IFOTONY MOMBA NY MIRALENTA SY NY HERISETRA ATAO AMIN'NY VEHIVAVY

Ny sehatra izay tokony ho fenoina :

- **Iza** – sampan-draharaha iza /inona no tompon'andraikitry ny asa na hetsika?
- **Inona ny tahirin-kevitra na zava misy ho fototra iaingana** – inona no iaingana, valio ireo fanont aniana?
- **Inona ny tanjona /ny tondro zotra milaza ny vokatra**– inona ny tanjona farany kendren' ny kaominina ary ahoana ny tondro hahafahana mandrefy fa tratra izany tanjona izany, valio ireo fanontaniana?
- **Rahoviana** – Ahoana ny fe-potoana hanatanterahana izany?
- **Teti bola** – Hoatrinona ny tetibola ilaina hanatanterahana izany hetsika na asa izany?

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPO NADR AIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
DRAFITR'ASA MIKASIKA NY POLITIKA MOMBA NY MIRALENTA						
